AMBOHIMANARINA 5

# VEHIVAVY MATY NOVONOINA REHEFA AVY NAOLANA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7826 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 20 martsa 2024


MARINA IZANY ! 6

## MAIZINA NY HO AVY !

SERANAM-PIARAMANIDIN' I TOLIARA 5



## VAZAHA IRAY TRATRA NITONDRA SOKATRA ENINA

LÔLA RASOAMAHARO 6

## NOSAZIANA 2 TAONA AN-TRANOMAIZINA INDRAY



FANTINA 8

## TOROHEVITRA VITSIVITSY MOMBA NY SAKAFO AORIAN'NY FETY

FIFIDIANANA SOLOMBAVAMBAHOAKA 7







## HIFAMPITANA NY VOVONANA MANOHANA NY FITONDRANA SY NY AN'NY MPANOHITRA

TOAMASINA 9

## MITOKONA IREO MPITATITRA SOLIKA, OLONA 11 VOASAMBOTRA

KITRA-"FENÊTRE FIFA" 11

## "EXPATS" 11 MIRAHALAHY NO EFA TONGA ETO

ANTSIRABE II 4

## TRANON'AKOHO NIREHITRA ANKIZY 10 TAONA MATY TAO




Miss Philanthropy Africa

# Faha-3 tamin'ireo tanora 54 nandray anjara i Léatitia Bakoly





**Nitondra avo ny voninahitry ny Nosy i Léititia Bakoly.**

*Efa nandray anjara tamin' ny fifaninanana " miss " maromaro ny tovovavy na dia vao 23 taona monja azy izy ankehitriny.*

Nitondra avo ny voninahitr'i Madagasikara i Léatitia Bakoly Andriatsihoarana. Vao sambany isika no nandray anjara tamin'ny fifaninanana tompon'ny hatsarana afrikana na ny « Miss Philantrophy Africa ». Tafiditra laharana fahatelo anefa i Léatitia, nisolontena ny hatsarana malagasy tamin'izany. Nahatratra 54 ireo mpifaninanana tao anatin'ity fifaninanana « Miss » iraisan'ny afrika ity, ka ny 27 amin'ireo no tafakatra famaranana.

Raha ny fizotran'ny fifaninanana, nahazo laharana voalohany i Léatitia Bakoly tamin'ny sokajy antsoina hoe « icône de la reine et de la photogénie ». Fa iza moa ity Léatitia Bakoly Andriatsihoaranaity ?

Efa nandray anjara tamin'ny fifaninana « miss » maromaro ny tovovavy na dia vao 23 taona monja azy izy ankehitriny. Anisan'ireny, ny « Miss jeunesse Madagascar » tamin'ny 2017, tafakatra famaranana izy tamin' izay. Ny taona 2018 « Miss High School » ; tamin'ny 2019 Miss tao amin'ny Fakoloten'ny lalana sy ny siansa politika ; lany Miss Amoron'i Mania indray izy ny taona 2021, izay nahazoany ny lokan'ny Leadership modèle. Tamin'ny 2022 izy « Miss University Africa Madagascar » ary ankehitriny, nibata ny laharana fahatelo (2è dauphine) tamin'ny Miss Philanthropy Africa Madagascar.

Tsy mahagaga raha tonga amin'izao toerana izao i Léatitia Bakoly, raha ny traikefa nolalovany teo amin'ny fifaninanana « miss » iraisam-pirenena no asian-teny.

**Fy**

Andron'ny angano sy poezia

# Hankalazaina maneran-tany rahampitso alakamisy 21 marsa



**Sary tahiry nandritra ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny poezia sy angano.**

Ny Fihaonamben'ny Firenena Mikambana misahana ny Fanabeazana, Siantifika ary Kolontsaina no nanambara fa ho andro maneran-tany ho an'ny poezia ny 21 marsa. Anisan' ny hanamarika izany isika eto ka ireo fikambanana maro misehatra amin'ny teny sy soratra, ny Havatsa Upem, Faribolana Sandratra, fikambanan'ny mpikalo teny sy soratra ary ny maro hafa no hankalaza izany. Ny antsika moa dia nampidirina ho isan'ny hanakalazaina ihany koa ny angano. Ny fankalazana dia fotoana iray hanomezana voninahitra ny poety, hamelomana indray ny fomban-drazana amin'ny alalan'ny literatiora ambava, amin'ny fanaovana tononkalo, hampiroborobo ny vakiteny, fanoratana, ary fampianarana tononkalo, hampiroboroboana ny fifanampiana eo amin'ny tononkalo sy ny zavakanto hafa, toy ny teatra, dihy, mozika ary hosodoko, hampitombo ny fahitana ny tononkalo amin'ny haino aman-jery. Satria mbola mitohy mampivondrona ny olona manerana ny kaontinanta ny tononkalo, dia ny rehetra no mandray anjara. Amin'ity fotoana ity ihany koa no "*hanomezana fankasitrahana sy tosika vaovao ho an'ireo hetsiky ny poezia nasionaly, isam-paritra ary iraisam-pirenena*".

**Hosantarina rahampitso**

Hisantarana ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny poezia sy ny angano ny hetsika hatao rahapitso etsy amin'ny Havoria (ORTM) Anosy sy manerana ireo Fitaleavam-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina, toy ny ao amin'ny Auditorium Kaiamba, Tranobe Masôva, any Toamasina. Hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro ny hetsika ka hisy ny antsa tononkalo hatolotry ny Faribolana Sandratra, fitantarana angano iarahana amin'i Vavirova Marcelline, Velonarivo Thonny ary Sidonie. Miara-miasa hanatanteraka izany ny Cisco Toamasina I, Faribolana sandratra ary ny AAACT Toamasina.

Ho an'ny etsy amin'ny Tranombokim-pirenenin'i Madagasikara etsy Anosy, ao amin'ny efitrano Dox, dia hisy ny antsa tononkalo nampitondraina ny lohateny hoe "*Satriko aza maratra*". Handray anjara amin'izany i Ny Raitra, Navela, L'Hafatra Ny Art Ratrimonoro ary Tsiaro Ny Hiaka.

**Tiaray R**

Boky tantara "Zakoa"

# Holalaovina an-tsehatra etsy amin' ny Ifm Analakely, anio

Boky voalohany nosoratan'i Hary Rabary ny boky nampitondrainy ny lohateny hoe Zakoa, boky mitantara ny herisetra ara-nodo mianjady amin'ny vehivavy eto Madagasiakara. Zava-misy izy io, saingy vitsy ihany no sahy miresaka azy. Holalaovina an-tsehatra amin' ny alalan'ny teatra etsy amin' ny Ifm Analakely ny tantara voasoratra anaty boky anio, izay hanomboka amin'ny 6 ora hariva. Christiane Ramanatsoa, Danniela Bezafy, Ntsoa Rabearivelo sy Hoby avy ao amin'ny kaompania Miangaly, izay efa manana traikefa amin'ny fiseharana, moa no nandrindra ny tantara Zakoa ho azo lalaovina ambony sehatra. Ny mozikan'i Haingo Ratsimbazafy sy Njaka Rakotonirainy kosa no hanaingo sy handravaka ny seho an-tsehatra. Marihina fa Zakoa dia nadika tamin'ny teny malagasy tamin'ilay boky hoe « Me too ». Efa nandray anjara tamin'ny tsenaben'ny boky tany Genève ny 6 ka hatramin'ny 10 marsa lasa teo ny boky zakoa. Raha tsiahivina dia ny volana septambra 2023 no nivoahany ka ny tranom-pamokarana « Editions Dodo Vole » no nanonta azy. Hary Rabary moa dia dokotera nianatra manokana momba ny fananahana sy ny manodidina azy (médecin gynécologue) any Antsiranana. Efa maro ny voavao naparitany mikasika ny zavatra hitany tamin'ny gazety « Lettre de Lémure ».




**Christiane Ramanatsoa, Danniela Bezafy, Ntsoa Rabearivelo sy Hoby avy ao amin'ny kaompania Miangaly.**

Ao anatin'ny fanomanana farany ary mifantoka tanteraka ny filalaovana an-tsehatra ny tantara moa i Dany sy Ntsoa ary Hoby amin'izao fotoana izao.

**Tiaray R**

# Tafa....sika

Jojofra

## "Jolie mamolava" no hirako noforoniko tiako indrindra

*Lasa nalaza tampoka "Ikala Jolie mamolava..." tao anatin'ny 4 andro nivoahan'io vazo io teny amin'ny haino aman-jery. Izany hoe ny rindran-tsary sy ny hira tamin'ny radio ary indrindra ny tambajotran-tserasera toy ny fesiboky sy ny youtube. An'arivony maro no nijery sy nahita azy, ary mifanakaiky amin'izay ihany koa ireo nitatasika nanome ny heviny. Miabo avy hatrany ny fandraisan'ny mpankafy mozika any anaty tambajotran-tserasera ity vazo vaovao'i Jojofra ity. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*



***Gazetiko*** : Malaza be izao ilay hiranao hoe « Jolie mamolava ». Efa nampoizinao vé izay Vokatra izay ? MBA tantarao ny fizotran'ilay aingam pamoronana.

**Jojofra** : Tsy nampoiziko hoe hiparitaka ny hira Jolie Mamolava, fa hatram'izay nanovako hira dia iny ny hirako tiko indrindra. Alohan' ny hamorona hira mo izaho dia efa niteny an'ireo namako sy « manager » hoe te hitantara fiainana ny zatovo amin'izao. Tsy ny lehilahy irery no misy mamolava sy tsy mody any trano fa na ny vehiivavy ihany koa dia maro an'isa, mameno ny toerana fandihizana, karaoke, bar, …. Inspiraka niainga tamin' ny zavatra misy ary anisan' ny mampiady ny mpivady vao sy ny kisipasipa amin'izao.

***Gazetiko*** : Inona no tsiambaratelon i Jolie mamolava ka nahatonga azy tafita vetivety? Efa misy akony any amin'ny asa maha artista anao ve ny lazany amin izao?

**Jojofra** : « *Ny tsiambaratelo dia tsotra. Ny fahasahiaana milaza ny zava-misy marina iainana ao anatin'ny fiaraha-monina amin'izao. Ny hira milaza ny zava misy ao amin'ny fiaraha monina tsy misy lainga. Mahasahy milaza sy mitantara kanefa atao anaty hira mampifaly sy tanora sy mampandihy. Matetika ny lehilahy foana no voaresaka hoe mamo lava fa ny vehivavy tsy voateny, nefa maro ihany koa ny vehivavy mamo lava amin'izao. Dia izay no iresahako azy, satria misy ny lehilahy miaritra ny vadiny mamo lava. Ny tanjona amin'ilay hira sady mampihomehy no mampandihy no mitantara mba ho mailo. Efa miparitaka be ny hira amin'izao amin'ny radio sy tambajotran-tserasera, ary ny televiziona* »

***Gazetiko*** : Ohatra an'ireny daholo ve ny hiranao ? Firy ny hira efa noforoninao ? Nanomboka oviana ianao no namoron-kira ?

**Jojofra** :« *Ny hira efa maro dia maro, na ny mp3 na misy rindran-tsary. Nanomboka nihira aho tamin'ny taona 2014. Tao amin'ny Label Ambanidia Rekordz, izay nahitana vondron'artista maro fanta-daza. Ny anarana nentiko niantsehatra tamin'izany dia El Jooh Hakim, izay nahalalan'ny be sy maro ahy. Nanomboka ny taona 2021 dia niova anarana ho Jojofra aho, izay niatombohan'ny fiaraha-miasa niaraka tamin'ny « Deba production » izay sady manager-ko no misahana ny vokatry ny kantoko. Ny hirako efa tena maro ao amin'ny you tube sy facebook* ».

***Gazetiko*** : Manana ekipa mpitendry sy mpihira ary mpihira mpanampy ve ianao ? Mahavelona ve ny hira eto amintsika ? Aminao manao ahoana ?

**Jojofra** : « *Jojofra efa manana ekipa mpitendry fa ny mpihira izaho ihany aloha hatreto. Tsy manana mpihira mpanampy fa manana Dj. Azo atao hoe mahavelona ny mozika, satria toy ny fitadiavana rehetra. Entrepreneur na miasa tena. Ny tarika iray dia karazan'orinasa iray, satria misy olona maro miasa ao anatiny : manager, comunity manager, izay mitantana ny pejy fesiboky, misy ny production manao ny mozikanao sy ny sisa. Mahavelona ny mozika amin'ny lafiny iray fa tsy mahavelona kosa rehefa tsy mandeha ny mozika ataonao* .»

***Gazetiko*** : Karazan-gadona ohatra ny ahoana no hitondranao ny mozikanao ? Inona no gadona tsy hataonao mihitsy, satria tsy tianao ? Mpifaninona kay ianao sy Honorat fou hehy fa misy sarinareo miaraka, dia lazainao hoe izaho sy Rabainina?

**Jojofra** : Izaho izany mitondra ny gadona afrobeat, izany hoe mozika afrikana mihetsika, mifangaro hira madinika. Fa izaho afaka mitaingina karazan-gadonkira maro : efa nitaingina kilalaka, dancehall , reggae. Izaho ihany koa tia mihaino karazan-gadon-kira be dia be fa ny gadona tsy hataoko, satria tsy haiko, dia ny slow sy ny rock. Fa izaho tia mihaino ireo.

I Honorat tsy dadako fa misy itovizana amiko, sady namako no maniry hitovy aminy aho, ho lasa lavitra amin'ny zavakanto.

**Dinika nifanaovan'i Fy**

Fifaninanana pikasary

# Hampisongadinana ny anjara asan'ny vehivavy eny anivon'ny fiarahamonina



**Loka mitentina hatrany amin'ny 1 500 Euro no azon'ny voalohany amin'ny fifaninana pikasary karakrain'ny COI.**

Efa nisokatra tamin'ny 31 janoary ary hifarana ny 30 marsa ho avy izao ny fifaninanana pikasary ho an'ny mpakasary matihanina na vao misondrotra . Ny sangasana dia tsy miala amin'ny lohahevitra nampitondraina ny lohateny hoe « Parce que chaque voix compte : pour un rôle accru des femmes et des jeunes dans les sociétés ». dikan-teny malalaka : « Manan-danja avoka ny feo rehetra ; ho an'ny anjara asa goavana ho an'ny vehivavy sy ny tanora eo amin'ny fiaraha-monina ». Ny fifaninana dia entina manaitra ny sain'ny besinimaro amin'ny maha-zava-dehibe ny anjara asan'ny vehivavy eo amin'ny fiainam-piarahamonina, eo amin'ny fiainam-bahoaka, eny fa na dia eo amin'ny lafiny politika aza. Ny fifaninana moa dia tafiditra ao anatin'ny fanatanterahana ny tetikasa ho an'ny fitantanana ny raharaham-panjakana mikasika ny fandriam-pahalemana sy ny fitoniana, vatsian'ny Masoivohon'i Frantsay ho an'ny fampandrosoana (AFD) aty amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indianina, entina mankalaza ny faha-40 taona nisian'izy ireo taty amintsika. Afaka mandray anjara daholo izany ny firenena mpikambana ao amin'ny COI, dia ny nosy Comores, La Réunion, Madagascar, Maurice ary Seychelles. Tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny faha-40 taoanan'ny COI moa ity hetsika ity. Efa azo jerena any anaty rindrambaiko sy ny tambajotran-tseraseran'ny COI ny andinindiny mikasika ny fisoratana anarana ho an'ireo izay hifaninana sy ny fandefasana ny sanganasa. Araka ny fanazavana dia izay telo voalohany no hahazo loka, ka ny voalohanyh ahazo fitaovavana fakana sary sy fandraisana anjara amin'ny fampirantiana any amin'ireo firenena mpikambana ao anatin'ny COI. Manodidina ny 1 500 Euro izany raha sandaina vola. ny faharoa 1000 Euro, ary 500 Euro ho an'ny fahatelo.

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 774/15-13)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara, TV. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 773/20-14)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, cahier, TV, machine, bisikileta, debara. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 781/10-5)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5 MD Ar à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 785/10-3)

### COUR

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-CL 776/5-2)

* Cours prépa. concours ENMG, ENAM, Police Mahafapo. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-17)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 779/10-7)

### SERVICE

* Vidange fosse septique, wc perdu, puisard, Makiplast, plomberie. Tél : 034.60.797.42. (G-BA 783/10-5)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-12)

* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-6)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 784/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 784/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 784/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-1)

### MITADY ASA

* Aide-chauffeur, ménagère, livreur, jardinage. Tél : 034.58.182.06. (G-BA 786/4-1)

* Mitady asa - Gardien, ménage du bureau, livreur en vélo. Tél : 034.41.852.77. (G-BA 787/4-1)

Antsirabe II

# Tranon'akoho nirehitra, ankizy 10 taona maty tao

*Nisy afon-tsaribao nirehitra namanana akoho teo afovoan-trano ka io no nitarika ny firehetana.*

Trano iray tao Ambohimanarivo, distrikan'Antsirabe II, izay sady trano fiompiana akoho no trano fonenana, ity no nirehitra ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora sy sasany alina ity. Ankizikely iray tokony ho folo taona eo no maty kilan'ny afo tao. Sempotry ny etona kosa ilay iray niara-natory taminy tao, izay tokony ho roapolo taona eo. Raha ny fanazavana azo mantsy dia any ambony rihana no misy io efitrano famanana akoho fakana nofo io. Misy afon-



Lavenona sisa tavela!

tsaribao mirehitra eo afovoan-trano mba hanafana ireo akohokely. Nahazo tampoka ny gorodona anefa ny afo ary nitatra ka nahakasika ny bateria fakana angovo manazava ny efitrano. Nipoaka ilay bateria raha vao tratran'ny hafanana tamin'ny afo ka vao mainka nanafaingana ny firehetan'ny trano iray manontolo izany.

**Mila mitandrina**

Ny donan-tsetroka sy ny afo niredareda nivoaka avy ao amin'ilay trano nampian'ilay fipoahana mafy no nanaitra ny manodidina. Nifanome tanana tamin'ny famoahana ireo olona tavela tao amin'ilay trano haingana ny rehetra ary avy eo izay vao niroso tamin'ny famonoana ny afo. Novonjena nentina namonjy hopitaly avy hatrany moa ilay iray tsy nahatsiaro tena. Efa elaela ihany vao voafehy tanteraka ny afo. Potika tsy nisy noraisina intsony ilay trano ary tao avokoa ireo akoho. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana. Manoloana ity tranga ity dia mila mitandrina ihany ireo mpiompy akoho fakana nofo amin'ny fampiasana ireny afon-tsaribao ireny mba hisorohana ny loza toy izao. Pitik'afo kely fotsiny mantsy dia mety hampirehitra ny trano iray manontolo ao anatin'ny fotoana fohy.

**R.C**

Morondava

# Ramatoa bevohoka maty voatifitry ny miaramila tsy nahy

Raha nisotrosotro teo ivelan'ny toeram-pisotroana iray tao Betania Morondava ity miaramila kaporaly iray no nikitikitika ilay basy teny antànany. Tampoka teo, nipoaka tampoka ilay basy ka nahavoa ramatoa iray teo am-panendasana trondro eo an-tokotany tsy lavitra ilay toeram-pisotroana. Teo amin'ny takiban'ilay ramatoa no gorobaky ny bala ka nijininika ny rà. Nifamonjena nentina haingana tany amin'ny hopitaly izy, saingy noho ny rà betsaka very taminy dia tsy tana ny ainy. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa bevohoka telo volana ity ramatoa ity, izay tokony ho enina amby telopolo taona eo. Namela kamboty mirahalahy, fito taona sy enina ambinifolo taona izy izao nindaosin'ny fahafatesana tampoka izao. Nisahotaka avokoa moa ny rehetra teo amin'ny manodidina raha nandre ny feom-basy sy ny fahavoazan'ilay ramatoa.

**Nitsoaka**

Raha ny fanazavana hatrany anefa dia nitsoaka nandositra avy hatrany ilay miaramila raha vao nahita ny fahavoazan'ilay renim-pianakaviana. Fantatra kosa fa efa nandray an-tanana ny fikarakarana ny razana sy ny fanampiana ny fianakaviana ny avy eo anivon'ny tafika ao an-toerana sy ny havan'ilay miaramila. Voalaza fa efa nisy ihany koa ny raharaham-pihavanana natao tamin'ny fianakavian'ny maty. Na izany aza dia mandeha ny fikarohana ilay miaramila, izay tsy maintsy handray ny sazy sahaza azy ary misokatra ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana. Voalaza mantsy fa efa mamomamo ilay miaramila tamin'io fotoana io.

**R.C**

Andohaniato

# Mpangalatra niharan'ny fitsaram-bahoaka

Lehilahy iray no tratran'ny fokonolona nangalatra ka niharan'ny fitsaram-bahoaka teny Andohaniato, afakomaly maraina. Tamin'io andro io no tonga tany amin'ny trano fandraisambahiny ity lehilahy ity. Rehefa nieritreritra ny tsy nisy nahita izy dia nijokojoko nandeha nitsofoka tao amin'ny efitrano iray. Nijery izay zavatra azony nalaina tao, ka solosaina fentina an-tanana no hitany nipetraka teo, dia nangalariny ary nentiny nandositra avy eo. Tsy nampoiziny anefa fa nandritra ny fotoana nanaovany izany asa ratsy izany dia nisy nahita soa aman-tsara izy. Vehivavy tompon-trano no nahita azy ka niantso vonjy avy hatrany. Nivoaka ny fokonolona rehefa nandre izany ary nifanenjehana ilay lehilahy mpangalatra io ka mbola tsy lasa lavitra loatra dia voasambotra. Nitangoronan'ny olona teo ralehilahy ary niharan'ny daroka sy ny vono.

**Naverina**

Nisy tamin'ireo olona teny an-toerana ihany no nampandre ny mpitandro filaminanana mikasika ny zava- nitranga ka raha vao naheno izany ny polisy avy ao amin'ny kaomisarian'ny boriborintany faharoa eny Ambohijatovo dia nandeha nidina ifotony. Nosamborina avy hatrany ilay lehilahy mba hiarovana ny ainy. Noezahin'ireo mpitandro filaminana nalamina ihany koa ireo olona nanao fitsaram-bahoaka tamin'ilay lehilahy tratra nangalatra. Taorian'izay dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ity farany. Notanana tany sy natao famotorana. Efa naverina tany amin'ny tompony kosa ilay solosaina fitondra an-tanana nangalariny.

**T.H**

Ambohimahitsy

# Fatin-dehilahy hita teny amin'ny "carrière"

Lehilahy iray tokony ho enina amby telopolo taona eo no hita faty teny amin'ny "carrière" fiasana vato teny Ambohimahitsy ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 4 ora sy sasany hariva. Ireo olona teny amin'ny manodidina no taitra raha nahita izany. Rehefa nojerena akaiky anefa dia efa tsy nisy aina intsony ilay lehilahy. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana ka tonga nijery ifotony ny zavanitranga teny an-toerana ny zandary avy ao Soamanandrariny. Taorian'ny fizahana natao moa dia nalefa tany amin'ny tranom-paty ny



Ny fatin'ilay lehilahy!

razana. Raha ny fanazavana azo dia voalaza fa mety ho famonoan-tena no antony nahafaty ity lehilahy ity, izay nitsoraka tao amin'ilay hantsana lalina nahitana ny fatiny. Tonga dia maty tsy trà-drano izy. Nambaran'ireo havany fa talohan'io dia efa nikasa hamono tena ihany koa izy tamin'ny alalan'ny fanatsatohany antsy ny fony. Nisy nahita anefa izany ka voasakana. Tamin'ity indray mitoraka ity kosa dia tsy avotra intsony izy, satria tsy nisy nahita ny nataony sy ny fahavoazany ny olona. Mety ho nokendreny tamin'ny fotoana vitsy olona iny mihitsy. Voalaza moa fa mbola tokan-tena izy, satria sady tsy manam-bady no tsy niteraka. Tsy fantatra kosa anefa ny tena antony nahatonga azy hamono tena. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao.

**R.C**

Mandritsara

# Tovovavy mpianatra mivarotra rongony

Tsy vitan'ny hoe lasibatra amin'ny fidorohana zava-mahadomelina ny ankamaroan'ireo tanora amin'izao fotoana izao fa misy ireo mivelona amin'ny fivarotana izany ihany koa. Tovovavy iray mpianatra amin'ny oniversite ao Mandritsara no voarohirohy amin'ny fivarotana rongony ao an-toerana. Ny herinandro lasa teo no nahatratraran'ny polisy lehilahy iray voalaza ho mpivarotra sy mpamatsy rongony ao Mandritsara. Mbola nahitana rongony milanja roa amby roapolo kilao moa tao aminy nandritra ny fisavana natao. Tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana ity tovovavy ity, izay voalaza ho miara-miasa aminy ka nosamborina ihany koa. Ny alatsinainy lasa teo no natolotra ny Fampanoavana ny raharaha ka notanana am-ponja vonjimaika ilay lehilahy. Tsy maintsy hodorana eo anatrehan'ny tomponandraiki-panjakana ao an-toerana kosa ireo rongony tratra. Fa mbola tany Mandritsara ihany dia tovolahy iray ihany koa no trà-tehaky ny fokonolona teo ampangalarana akoho tao amin'ny fokontany Antantsimihety omaly maraina. Nafatotry ny olona avy hatrany izy ary naterina any amin'ny mpitandro filaminana.

**R.C**

MANAL'AZY DE MI'MEME



Ambohimanarina

# Vehivavy maty novonoina rehefa avy naolana

*Nahitana ratra be tao amin'ny fivaviany.*

Vehivavy iray no hita faty teny Ambodivoninkely Ambohimanarina omaly maraina. Nahitana ratra ivelany teny amin'ny vatany. Ankoatra izay ihany koa dia nahitana ratra be tao amin'ny fivaviany. Ny olona teny an-toerana no nahita ny razana voalohany. Vetivety dia nahoraka avy eo ny mikasika ity faty hita ity ka nitangorona nankeny ny olona teny amin'ny manodidina nijery izany. Tokony ho tamin'ny 3 ora maraina ilay vehivavy no niala tany an-tranony ary handeha hivarotra ny anton-diany tamin'io fotoana io, kanjo nifanehatra tamin'ireo tsy mahaho-tody teny an-dalana izy, hoy ny fanazavana azo. Nanatonan-dry zalahy ary dia io nanamparan'izy ireo ny filan-dratsiny io. Naboridany dia naolan'izy ireo. Ary tsy vitan' izay fa mbola notaperin'ireo olon-dratsy hatramin'ny ainy mihitsy. Tsy voafaritra mazava aloha hatreto ny isan'ireo jiolahy nahavanon-doza. Efa nisy niantso avy hatrany ny mpitandro filaminana manoloana ity tranga ity ka raha vao nandre izany izy ireo tonga dia teny amin'ilay toerana nahitana ny razana ary nanao fizahana ifotony. Fantatra nandritra izany fa maty nisy nanolana ity vehivavy ity ary novonoin'ireo olon-dratsy izy avy eo. Araka ny fanazavana azo dia nilaza ihany koa ny sefom-pokontany teny an-toerana fa mpivarotra eny amin'ny makis io vehivavy maty io. Voaolana izy tamin'io fotoana io kanefa mbola afaka nitsoaka. Tsy namelan'ireo olon-dratsy anefa fa mbola nenjehin'izy ireo ihany ka izao maty novonoina izao. Efa mandeha ny fanadihadiana ataon'ny polisy mikasika ity raharaha ity.

T.H



Ilay vehivavy hita faty.

## TATSY SY TAROA

***Lehilahy telo ao anaty fikambanan-jiolahy no voasambotry ny polisy*** tany Antsiranana afakomaly. Ankoatra izay dia fantatra ihany koa fa mpihetraketraka ry zalahy ireo. Araka ny fanazavana dia mpikambana amin'ny vondrona tanora atao hoe Dakar ao anatin'ny fokontany Ambalavola ireto voasambotra ireto. Fantatra ihany koa fa mampihorohoro ireo tanora any amin'ny fokontany sasany any an-toerana ry zalahy ireto. Araka ny fanazavana hatrany dia isan'ireo voarohirohy tamin'ny resaka vono olona niseho ny 24 febroary lasa teo ireto tovolahy ireto. Taorian'ny fisamborana dia efa nentina nankany amin'ny biraon'ny kaomisarian'ny polisy natao famotorana izy ireo.

T.H

Seranam-piaramanidin'i Toliara

# Vazaha iray tratra nitondra sokatra enina

Lehilahy iray teratany frantsay no tratra nitondra sokatra enina teny amin'ny seranam-piaramanidin'i Toliara omaly maraina. Nandritra ny fidirany teny an-toerana no tsikaritry ny polisy niasa teny nanao fihetsika mampiahiahy izy. Nieritreritra ny tsy hisy hahatsikaritra mihitsy anefa ity farany ka dia nizotra tsara niaraka tamin'ny valiziny niditra ny seranam-piaramanidina. Mailo anefa ny polisy ka narahi-maso akaiky ity teratany vahiny ity. Ary nony avy eo dia nanatonan'ireo mpitandro filaminana mihitsy izy ary natao avy hatrany fisavana ny valizy nentiny. Rehefa nosokafana izany dia inona tokoa fa nahitana ireo sokatra enina ireo izay nafeniny tao anaty vata hazo roa tao anatin'io valizy io. Tsy afaka niondrana araka izany ity vazaha ity fa voatery nijanona nanaraka famotorana. Araka ny fantatra dia niala avy any Toliara nikasa ny handray fiaramanidina ho aty Antananarivo ity teratany frantsay ity tamin'io fotoana io izao voasambotra izao. Efa nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ekonomika Toliara izy taorian'izay. Rehefa vita ny famotorana atao azy eny anivon'ny mpitandro filaminana dia hiakatra fampanoavana any anivon'ny fitsarana any an-toerana ny raharaha.

T.H



Ilay vazaha tratra nitondra sokatra.


MINISTERE DE LA SANTE PUBLIQUE

CALENDRIER ET LIEUX D'ENREGISTREMENT

MERCY SHIPS
PARTENAIRE DE LA SANTE A MADAGASCAR

| VILLES | LOCALITÉS |
|---|---|
| Antananarivo Analamanga | Hôpital Andohatapenaka |
| Toamasina Atsinanana | CHU Analankininina |
| Brickaville Toamasina | CHRD Brickaville |
| Vavatenina Analanjirofo | CHRD Vavatenina |
| Amparafaravola Alaotra - Mangoro | CHRR Amparafaravola |
| Miarinarivo Itasy | CHRR Miarinarivo |
| Maevatanana Betsiboka | CHRR Maevatanana |
| Ambilobe Diana | CHRD Ambilobe |
| Antsohihy Sofia | CHRD Antsohihy |
| Morafenobe Melaky | CHRD Morafenobe |
| Ihosy Ihorombe | CHRR Ihosy |
| Manakara Vatovavy - Fitovinany | CHRR Manakara |

DATES 2024
DU **11 MARS** AU **29 MARS**
LES **LUNDIS MARDIS JEUDIS VENDREDIS**

INTERVENTIONS CHIRURGICALES GRATUITES
FISTULE OBSTÉTRICALE - CHU TOAMASINA
MAXILLO-FACIALE
ORL (BEC DE LIÈVRE)
ORTHOPÉDIE PÉDIATRIQUE
PLASTIQUE RECONSTRUCTIVE (GRAND BRÛLÉ)
OPHTALMIQUE (CATARACTE)
GÉNÉRALE

Afrique Mercy Ships Madagascar
Depuis 30 ans
Intervention 14 PAYS D'AFRIQUE
+114 000 INTERVENTIONS CHIRURGICALES GRATUITES
+2 792 Patients pris en charge
+100 Personnels médicaux formés
3 000 Bénévoles Étrangers
244 Employés Malgaches permanence sur le navire

GCL 779/1-1

Lôla Rasoamaharo

# Nosazian'ny fitsarana 2 taona an-tranomaizina, sazy mihatra indray

*Efa voasazy 5 taona an-tranomaizina sy mandoa onitra i Lôla Rasoamaharo, taorian'ny fitoriana nataon'ny renim-pianakaviana mpandraharaha iray azy ho naka vola taminy sady nandrahona ho faty.*



**Tamin'ny 25 marsa, tamin'ny taon-dasa io tale jeneralin'ny " La Gazette de la Grand Ile " io no nosamborina. (Tahirin-tsary)**

Ny alatsinainy lasa teo no niakatra fitsarana, tetsy Anosy indray ny tale jeneralin' ny gazety mpiseho isana' andro teo aloha Lola Rasoamaharo. Araka ny vaovao marim-pototra dia fikasana handositra ny fonja, ny 19 desambra tamin'ny taon-dasa indray no heloka vaovao iampangana azy. Ny fitsarana notanterahina tamin'ny alatsinainy lasa teo io, izay somary nampametra-panontaniana ihany koe nahoana no toa nafenimpenina ? Niovaova mantsy ny efitrano nampahafantarina hanatanterahana ny fitsarana ary nony farany dia nolazaina fa efa vita izany. Ary dia io niafara tamin'ny roa taona an-tranomaizina, sazy mihatra, io indray. Na dia mbola tsy nahazoam-baovao marim-pototra aza dia heverina fa hampiakatra ny raharaha, eny anivon'ny fitsarana ambaratonga ambony ny mpisolovava ny voampanga. Ny olona arovany izay nahazoam-baovao fa nahazo alalana hivily tao an-tokatranony, nandritra ny fandalovany teny Ivandry, ny andron'io 19 desmbra 2023 io. Tsiahivina fa efa voasazy 5 taona an-tranomaizina sy mandoa onitra i Lôla Rasoamaharo, taorian'ny fitoriana nataon'ny renim-pianakaviana mpandraharaha iray azy ho naka vola taminy sady nandrahona ho faty. Taorian'izay, tsiahivina ihany fa nampiakatra ny raharaha teo anivon'ny fitsarana ambaratonga faharoa ny mpisolovava azy, noho izy nanana porofo nanamarina fa tsy nitombina ny fiampangana ny olona arovany. Tsiahivina ihany fa ny 25 marsa, tamin'ny taon-dasa io tale jeneralin'ny « La Gazette de la Grand Ile » io no nosamborina ary notazonina vonjimaika, teny amin' ny fonjan'Antanimora.

V.R.

Governemanta Ntsay Christian

# Tapitra ny fiandohan'ny volana aprily ny 100 andro hanombanana azy ireo

Inona no hitranga afaka iray volana sy tapany any ho any ? Nahavita ny asany antsakany sy an-davany ve ny mpikambana ao amin'ny governemanta sa nisy ny nanao kolikoly ? Misy mason-tsivana hafa ve hampidirina hitsarana azy ireo ? Mbola homena herijika hanohy ny andraikiny ve sa hasiam-panovana ny sasantsasany amin'izy ireo ? Manitikitika ny valin'ireo fanontaniana ireo, satria raha mitazona ny teniny ny filohan' ny Repoblika dia amin'ny fiandohan'ny volana aprily no hotombanana ny asan'ny governemanta, satria amin'io fotoana io no ho tapitra ny 100 andro. Tsiahivina fa ny 14 janoary lasa teo no voatendry ny minisitra mandrafitra ny governemanta Ntsay Christian, araka ny didimpanjakana laharana 2024-020. 14 amin'izy ireo no olombaovao, raha 13 kosa efa mpikambana tao amin'ny governemanta teo aloha ihany no naverina notendrena.



**Ireo mpikambana vaovao, notendrena ny 14 janoary lasa teo.**

**Misy ho kandidà solombavambahoaka!**

Tsiahivina fa nandritra ny lahateny nanolorana azy ireo tamin'ny fomba ôfisialy, teny amin'ny lapam-panjakana Iavoloha, ankoatra ny fampanaovana fianianana ny minisitra tsirairay dia nanamarika ny filoham-pirenena fa hotombanana izy ireo rehefa feno ny zato andro. Ary izay tsy mahavita ny asany sy manao kolikoly dia terana hametra-pialàna avy hatrany. Andrasana izay hitranga. Araka ny tsiliantsofina dia telo amin'ireo mpikambana amin'ny governemanta, farafahakeliny, no mety ho kandidà amin'ny fifidianana solombavambahoaka. Raha izay no tanteraka dia tsy azo ihodivirana izany ny fanovana, amin'ny ampahany, mialoha ny daty farany hametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana izay efa nampahafantarina fa manomboka amin'ny 27 marsa ho avy izao ary mifarana amin' ny 8 aprily. Tsiahivina fa orian'io daty farany io dia ny 9 aprily no mamoaka ny lisitry ny mpifaninana ny OVEC (sampandraharaha manaramaso ny dosien'ny kandidà hifaninana). Ary aorian'izay no mamoaka ny lisitra voatazona handray anjara ny vaomiera manokana misahana ny fifidianana sy ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana.

*Hirosoana ve ny tombana nampanantenaina ?*

V.R.

## Marina izany !

### Maizina ny ho avy !

**Saika isan'andro no misy olona very, tato anatin'ny herinandro vitsivitsy izao. Manaitra ny zava-misy satria tanora ny ankamaroan'izy ireny, na nanao fanahy iniana miala ny tokantrano, na nirahina, na nianatra, dia tsy niverina. Tranga ahatarafana fa misy olana mahazo vahana na dia tsy azo lazaina ho vaovao aza, manampy trotraka ny fahasahiranana efa iainan'ny isan-tokantrano. Marina fa mety hisy hilaza hoe andraikitry ny raiamandreny izany. Eny amin'ny ampahany no valin'io fanontaniana io. Tsy tokony hohadinoina ihany koa anefa fa misy andraikitry ny fiaraha-monina sy ny mpitondra, amin'ny alalan'ny fanabeazana amin'ny ankapobeny izany. Samy manana andraikitra amin'izany ny Minisiteran'ny Fanabeazana, ny Minisiteran'ny Mponina. Heverina fa manana andraikitra amin'izany ihany koa ny mpitandro filaminana, izay manana adidy hiaro ny vahoaka sy ny fananany. Ny dikany, maro ny fanontaniana tokony hapetraka manoloana io olana resahina eo ambony io. Goragora ve ny fanabeazana any an-tokantrano ? Manokana fotoana hiresahana amin'ny menaky ny ainy ve ny ray aman-dreny sa noho ny rotorotom-piainana dia samy mandeha samy mitady? Mba efa mitady vahaolana sy vonona handray andraikitra manoloana ny fiparitahan'ny toerampivarotana zava-pisotro misy alikaola, izay azon'ny tanora mbola tsy feno taona idirana, ve ny tompon'andraikitra tandrify izany? Toy izany koa, mba efa arahi-maso ve ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina manapotika ny tanora ka mampanaotao foana ny ankamaroan'izy ireo? Ny iaraha-mahita aloha dia toa tsy izany no laharam-pahamehana! Raha mbola izao izany no mitohy dia vao mainka ho maizina ny ho avin'i Gasikara, satria ny ho avin'ny firenena no misedra olana!**

Voahangy Rakotozafy

Praiminisitra Ntsay Christian

# Nanome toromarika ho an'ny tafika malagasy

Tonga namarana ny fivorian'ireo tomponandraikitra ambony eo anivon'ny tafika malagasy teny amin'ny Cemes Soanierana, omaly, ny Praiminisitra Ntsay Christian. Nandritra izany no nanomezany toromarika azy ireo amin'ny fanamafisana orina ny fandriam-pahalemana efa misy sy manakaiky vahoaka ataon'ny tafika malagasy mba hitondra filaminana sy fampandrosoana ho an'i Madagasikara. Nohamafisiny nandritra ny lahateniny ny lanjan'ny firaisankina eo amin'ireo samy mpitandro filaminana. Nitatitra ireo tomban'ezaka sady nanoritsoritra ireo paikady hanatrarana ny fanamby ho an'ny Minisiteran'ny Foloalindahy, ny Jeneraly Lala Monja Sahivelo Delphin, minisitra tomponandraikitra, nandritra ny fandraisampitenenany. Raha tsiahivina dia mitohy ny ezaka ho an'ny tafika malagasy. Maro amin'ireo faritra mena nisian'ny fakana an-keriny sy halatra omby no efa voafehin'ny mpitandro ny filaminana amin'izao fotoana izao. Marihina fa nandritra ny andro vitsy izay no nikaon-doha mikasika ny fanatsarana ny asany ireto tomponandraikitra ambony eo anivon'ny tafika malagasy ireto.

JUDD




**Ny Praiminisitra sy ireo tomponandraikitra eo anivon'ny tafika malagasy.**

Fifidianana solombavambahoaka

# Hifampitana ny vovonana mpanohana ny fitondrana sy ny an'ny mpanohitra

*Milaza ny samy hanao ny fomba rehetra mba hanenjehana araka izay tratra ny maro an'isa eny Tsimbazaza na ny Kolektifan'ny Malagasy, na ny Vovonana Firaisankina, na ny Vovonana mpanohana an'i Andry Rajoelina.*

Roa volana eo ho eo alohan'ny datim-pifidianana solombavambahoaka, tsikaritra ho efa mametrapetraka ny paikady hiatrehana izany ny mpanao pôlitika sy ny mpomba azy, na ireo efa nampahafantatra amin'ny fomba ôfisialy ny fahavononany na ireo mbola miandry fotoana. Hatramin'ny omaly, vovonana telo lehibe no efa nilaza ny fandraisany anjara amin'io hazakazaka ho eny Tsimbazaza io, toy ny Kolektifan'ny Malagasy, ny Vovonana Firaisankina ary ny Vovonana mpanohana an'i Andry Rajoelina. Izy ireo izay samy efa nanao fanambarana fa hanao ny fomba rehetra mba hanenjehana araka izay tratra ny maro an'isa eny amin'io andrimpanjakana mpanao lalàna io. Ny zava-misy ankehitriny, dia toa efa azo itarafana sahady ny ho endriky ny fampielezan-kevitra tsy hisy hifampitsitsy sy ny hitranga amin'ny androm-pifidianana, amin'io volana may io. Efa ao anatin'ny fampielezankevitra alohan'ny fotoana rahateo ny ankamaroan'ireo hery politika telo lehibe ireo sy ny mpomba azy ankehitriny, miketriketrika mitady ny fomba hambaboana tsikelikely ny fon'ny mpifidy. Raha ny eo anivon'ny Vovonana Firaisankina izao dia tsikaritra tato anatin'ny herinandro maromaro fa nisesisesy ny fanamboarana fotodrafitrasa ataon'ireo efa voatondro ho kandida sy ny fisehosehoana amin'ireo vahoaka mpifidy.

**Manovokovoka mafy**

Ny tsy azo odian-tsy hita ao anatin'izany dia tsy miova ny fanaovana pôlitika eto amintsika, hatramin'izay ka hatramin'izao. Tsy miova toy izany koa ny olona, satria ny teo ihany no teo. Ireo mpanao pôlitika efa teo amin'ny fitondrana omaly ihany no lasa mpanohitra androany, ary manovokovoka mafy satria mahatsiarotsiaro ny tongolon' i Ejipta ka mitady ny fomba rehetra hiverenan'ny fahefana eo am-pelatanana. Ny eo amin'ny fitondrana indray manararaotra ny fahefana ananany dia mampitombo araka izay tratra ny fitetezam-paritra sy mampiasa ny haino aman-jerim-panjakana, fotoana azo hararaotina tsara anaovana fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana. Ny manahirana dia hita ho takona tanteraka ireo antoko politika madinika manana hevitra sy tia tanindrazana, izay efa nanao fanambarana fa handray anjara amin'ireo fifidianana isam-paritra ho avy rehetra.

**Mamy R.**







Ireo vovonana telo lehibe hifampitana amin'ny fifidianana solombavambahoaka.

Famokarana sy fiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro

# Nikaon-doha teny Antaninarenina ny Fivondronamben'ny Tantsaha sy ireo minisitera mpiahy

Tontosa teny Antaninarenina omaly ny atrikasa namaritana paikady hanatsarana ny sehatry ny famokarana sy hiatrehana ny fiovan'ny toetr' andro, izay nokarakaran'ny Fivondronamben'ny Tantsaha. Tanjona, araka ny fanazavana, ny mba hialan' ny tantsaha amin'ireo fomba ratsy mahazatra, izay tsy vitan'ny miteraka fatiantoka fa manimba ny tontolo iainana ihany koa. Dia novoaboasana tamin'izany ilay antsoina hoe famokarana matsilo, izay araka ny fanazavana hatrany dia sady ahafahana mampitombo ny vokatra tsara kalitao no miaro ny zavaboary manerana ny Nosy. Tsy nijanona tamin'izay ihany ny resaka fa nohenoin'ireo mpikarakara ihany koa ny hevitry ny solontenan'ny tantsaha, izay tonga maro nandray anjara tamin'ity atrikasa ity. Voalaza tamin'izany fa mba hahafahana manatratra ny tanjona, dia mila omen-danja ny fikarohana nataon'ny tantsaha, fantatry ny maro amin'ny hoe ady gasy, ka ampiarahina amin'ireo voka-pikarohana nataon'ny manam-pahaizana izany.

*Mitady ny fomba rehetra hamelomana sy hampiroboroboana ny sehatr'asa voalohany eto Madagasikara ny Fivondronamben'ny Tantsaha.*

**Mitaky fanohanana**

Nandritra ny fifandimbiasampitenenana dia nitovian'ireo rehetra nanatrika ity atrikasa ity hevitra tamin'izany ny filazana fa na dia sarotsarotra aza dia mila ialana tsikelikely amin'izay ny fampiasana akora simika sy ny fiankinandoha aminy, izay sady misy fiantraikany amin'ny tontolo iainana no tsy hiteraka vokatra maharitra ho an'ny tantsaha. Teo ihany koa ny tokony hironana bebe kokoa amin'ny fampiasana teknika maoderina mifanaraka amin' ny fiovan'ny toetrandro, izay araka ny voalaza dia mitaky ny finiavan'ny rehetra sy ny fanohanan'ny tomponandraiki-panjakana. Marihina fa ankoatra ireo mpisehatra samihafa mivondrona ao anatin'ny tranoben'ny tantsaka, dia tazana niara-nisalahy sy nikaondoha nandritra ity atrikasa ity ny Minisiteran' ny Fambolena sy ny Fiompiana, ny Minisiteran'ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy, ary ny SACAU, izay vondron'ny tantsaha aty amin'ny ilany atsimo atsinanan'i Afrika.

**Mamy R.**

Ben'ny tanànan'ny kaominina Bemasoandro Itaosy

# Voalaza fa voasaringotra amin'ny raharaha kolikoly

Isan'ny matetika voarohirohy amin'ny raharaha kolikoly sy ny fitantanana tsy mazava ataony ireo tomponandraikitra voalohany eny anivon'ny kaominina. Araka ny fantatra dia voalaza fa manana dosie mandeha momba ny kolikoly amin'izao fotoana izao ny ben' ny tanànan'i Bemasoandro Itaosy, ao amin'ny distrikan' Antananarivo Atsimondrano. Efa misy nanaovana fanadihadiana azy momba izany vao tsy ela akory izay. Araka ny fanazavana voaray dia ny resaka kiantranoantrano amin' ny fampidirana mpiasa eo anivon'ny kaominina sy ny momba ireo tsenambaropanjakana tsy mazava loatra no mety nanenjehana azy tamin'izany. Raha nivahiny tamin'ny fahitalavitra tsy miankina iray eto andrenivohitra ny mpanolotsaina eo anivon' ity kaominina ity dia mahatsapa fa maro ny zavatra tsy dia nandeha tamin'ny laoniny loatra tao anatin'ny fitantanan' Ing. ben'ny tanàna. Nambaran' ity mpanolotsaina iray ity fa vitsy ireo zava-bita fa tsy araka ny nampanantenaina. Raha tsiahivina dia isan'ny olomboafidy tranainy indrindra eto Madagasikara ity ben'ny tanàna ao amin'ny kaominina Bemasoandro Itaosy ity. Tamin'ny taona 2023 lasa teo izy no efa nankalaza ny faha-50 taona naha olomboafidy azy. Saika efa nolalovany avokoa ireo antanantohatra eny anivon'ny vondrom-bahoaka itsinjarampahefana. Tahaka ny sefo fokontany, mpanolotsaina ary voafidy ho ben'ny tanàna matetika. Manana ny traikefa tsara amin'ny fitantanana ny eny ifotony araka izany izy, ka ho hita eo ny tohin'ity raharaha ity.

**Nangonin'i JUDD**

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Herisetra

# Zaza telo isan'andro no iharan'ny fanolanana eto amintsika

*Hotanterahina ny 21 aprily 2024 eny Ambohibe ny " Run and Bike " andiany fahefatra.*

Mampivarahontsana ny antontan'isa navoakan'ny fikambanana TAO mikasika ny herisetra atao amin'ny ankizy. Voalazan'izy ireo mantsy fa zaza telo hatramin' ny 6 isan'andro no iharan'ny fanolanana eto Madagasikara. Ny toerana mikarakara sy mandray an-tanana ireo zaza ireo anefa vitsy, ary ny tena olana, araka ny voalazan'ny Unicef, dia zara raha misy 19 isanjato amin'ny ankizy niharan'ny fanolanana ihany no sahy manantona zandary mitoroka. Mety hitarika amin'ny fahafatesana mihitsy anefa izany indrindra raha zaza no iharany, raha tsy izany dia hitondra takaitra mandrakizay ilay zaza. Ny tena loza dia olona akaiky an'ilay zaza ihany no mahavanon-doza, raikely na dadatoa na anadahy. Eo anatrehan'izany rehetra izany, ilaina ny fandraisana andraikitra ka anisan'ny sahy miantso ny tomponandraikitra isan'ambaratongany ny fikambanana TAO. Misy ny fanentanana ataon' izy ireo ho fampahafantarana amin'ny vahoaka ny maha zavadoza ny resaka fanolanana. Miezaka manao sisikevitra eny anivon'ireo ambaratonga mpanao lalàna ihany koa amin'ny fampiharana ny lalàna henjana amin' ireo nahavanon-doza.



Mitondra takaitra mandra-maty ireo niharan'ny herisetra raha tsy nody mandry.

Miezaka manaparitaka ny vaovao sy ny dingana tokony harahina eny anivon'ny polisy sy ny tribonaly raha sendra misy tranga fanolanana hita na re.

**Run and Bike**

Tsy mionona amin'izany ihany anefa ny TAO fa isantaona dia mikarakara hetsika: Run and Bike "Stop aux viols" izy ireo, ka miditra amin'ny andiany fahefatra isika amin' ity taona ity. Hazakazaka antongotra sy am-bisikileta hotanterahina ny 21 aprily 2024 eny Ambohibe izy, ary mandritra izany dia orinasa maro no miara-mientana amin'izy ireo hiady amin'ny herisetra, indrindra ny fanolanana. Tanjona ny hahafahana manangona vola mba hahafahana miasa sy manao izay fanentanana ary manampy ireo niharan'ny fanolanana. Aleo tokoa misoroka toy izay mitsabo ny teny fanevan'ny fikambanana TAO ary amin' ny alalan'ny hetsika arapanatanjahantena no hampahafantarany izany. Eo ihany koa ny fanantonana sekoly, fikambanana ary olon-tsotra. Mizara telo mazava ny hazakazaka atao ka misy ny dian-tongotra 2km, 10 km ary 20 km. Misokatra nanomboka tamin'ny 5 febroary, teo ny fisoratana anarana hatramin'ny alahady 7 aprily 2024 ho an'ireo hisoratra amin'ny mail admassociation.tao@gmail.com sy amin'ny alalan'ny tambajotra Facebook Association tao. Ary manatona ny Ortana Antaninarenina, Aft, Edukely Ampahibe, Mbike Ambatobe, Ilay Fody Androhibe manomboka ny 19 febroary hatramin' ny 30 martsa 2024. Tamin'ny andiany fahatelo, nanodidina ny 400 teo ny isan'ny mpandray anjara ary manantena ny mpikarakara fa tsy ho latsa-danja amin'izany ho amin'ity taona ity.

**Nath**

# FANTINA

## Torohevitra vitsivitsy momba ny sakafo aorian'ny fety

**Ho avy tsy ho ela ny fetin'ny paska. Dia miomana amin'ny fiatrehana an'izany ny rehetra. Tsy misy tsy maniry ny hiatrika an'izany fety izany avokoa na iza na iza. Dia samy manao izay ho afany ny rehetra. Samy te hanao izay mahafinaritra azy avokoa, satria andro fanararaotra ny tahaka an'izao. Betsaka rahateo ny zavatra azo atao. Fa ny iraisan'ny rehetra dia ny sakafo. Ka manodidina an'ity sakafo ity no hiompanan' ny Fantina anio. Efa samy milaoka akoho, henankisoa, gisa… ny rehetra fa ireto misy torohevitra vitsivitsy momba ny sakafo tokony hatao aorian'ny fety.**



-Misotroa rano betsaka araka izay tratra, azo atao sy amin'ny fomba rehetra, ary rano natoraly no tena tsara sotroina.

- Ilaina betsaka ny mihetsiketsika fa aza matory fotsiny. Tsy voatery mihazakazaka anefa ianao amin'izany a! Mandeha antongotra kely ianao dia efa tena zava-dehibe. Raha manana fahafahana ianao dia rano mandroatra tahaka ny « cristal » no tsara sotroina.

- Aorian'ny fety, tsy tokony hihinana sakafo misy menaka be intsony aloha. Ny tena tsara dia sakafo misy an'irony atao hoe « fibre » irony. Ny lasopy no tsara indrindra. Betsaka an'ity « fibre » ity mantsy ny legioma. Tahaka an' izany ihany koa ny voankazo rehefa masaka tsara.

- Ahenao koa ny fihinanana sakafo be « proteïnes », fa araka ny voalaza eo ambony dia mahereza mihinana legioma sy voankazo.

Fa ao anatin'ny fety isika ka tsy mieritreritra ny hihinana anana na legioma izany ny ankamaroan'ny olona. Tahaka ny tsy nandalo fety ny sasany raha mbola ireo zavatra ireo no hatao laoka amin'ireo andro lehibe ireo.

- Fa tsy maintsy milaoka akoho, gana, gisa, vorontsiloza, henan-kisoa, ny henan'omby (izay tsy dia betsaka ny milaoka azy amin'ny andro fety tahaka an'izao).

**Ny fanokafam-bavony**

Saika manao an'ilay sakafo fanokafam-bavony, na ilay atao hoe « entrée », ny ankamaroan'ny tokantrano rehefa andro fety tahaka an'izao. Samy manana izay heveriny fa mety ny tsirairay. Betsaka rahateo ny karazany azo atao.

Ranom-boankazo: Tsy hadinoina ny ranom-boankazo. Hita amin'ny fety tahaka an'izao ireo karazany. Fanta, Cola, Jus naturel….sy ireo zava-pisotro misy alikaola samihafa.

**Nangonin'i Nath**

Andro manerantany ho an'ny toetry ny andro

# Ankalazaina mandritra ny telo andro etsy amin'ny Parvis Analakely

« Lohalaharana amin'ny hetsika mahakasika ny toetrandro ». Io no lohahevitra entina manamarika ny fankalazana ny andro manerantany ho an'ny toetry ny andro, ny 23 martsa 2024 izao. Maromaro ny hetsika hanamarihana izany, fa anisan'ny goavana indrindra ny hetsika atao etsy amin'ny Parvis Lapan'ny Tanànan'Antananarivo, ny 21 sy 22 ary 23 martsa 2024. Hanatanteraka hetsika hiarahana amin'ireo mpisehatra ara-toetrandro ny minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetry ny andro. Tanjona amin' izany ny hamondronana amin'ny toerana iray ny mpiray ombon'antoka miankina



Loza mitatao eto amintsika, indrindra fa ny any atsimo, ny faharitan'ny rano ampiasaina amin'ny fiainana andavanandro.

na tsia amin'ny fanjakana, mpanohana ara-tekinika sy ara-bola, ary ireo tetikasa mifandraika amin'ny toetry ny andro. Ny datin'ny 23 martsa kosa no daty fanamarihana ny nananganana ny fikambanambe manerantany misahana ny toetry ny andro, na OMM, ny taona 1950. Ny tiana hasongadina amin'io lohahevitra io dia tsy misy hetsika momba ny toetrandro azo atao raha tsy misy ny antontam-baovao momba ny toetry ny andro, toetany ary ny toetry ny rano.

**Boky natokana ho an'ny mpianatra**

Mandritra ireo telo andro ireo dia hisy ny fampirantiana isan-karazany amin'ny alalan'ny tranoeva, famelabelaran-kevitra, fanentanana momba ny fiovan'ny toetrandro, fifaninanana manao sary, fifaninanana tetikasa miompana amin'ny lohahevitra hotanterahin'ireo mpianatra Meteo ESPA Vontovorona. Hatao amin'io fotoana io koa ny fanolorana amin'ny fomba ofisialy amin'ny Ministeran' ny Fanabeazam-pirenena ny dikan-teny malagasin'ny boky « COPE DISASTERS », novokarin'ny OMM, mahakasika ny rivodoza sy ny tondra-drano natokana ho an'ny mpianatra. Toraka izany koa ireo boky mirakitra ny tatitra fahenina mikasika ny fiovan' ny toetrandro nataon'ny GIEC, na « Groupe Intergouvernemental des Experts sur l'évolution du Climat ». Hanamarika an'io hetsika io ihany koa ny fampahafantarana amin'ny fomba ofisialy ny drafitrasam-pirenena 2023-2027 mifandraika amin' ilay tetikasa fampahafantarana mialoha ny tandindondoza ho an'ny rehetra, tarihan'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana. Mila mihetsika isika, satria efa mihatra amin' ny andavanandron'ny mponina ny vokatry ny fiovan'ny toetrandro. Voakasik'izany na ny fambolena, na ny faharitan'ny rano, ny tanimbary tototry ny fasika, ny rotsak' orana tsy ampy na diso be loatra, ny maripana izay mihamahamay isan'andro isan'andro, sy ny maro hafa. Ity hetsika ity dia eo ambany fiahian'ny Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetry ny Andro ary ny fanohanan'ny Firenena Mikambana sy ny fiarahamiasa teknika Alemana.

**Nath**

Toamasina

# Mitokona ireo mpitatitra solika, olona 11 voasambotra

*Niditra nanao fanelanelanana ny teo anivon'ny OMH (Office Malgache des Hydrocarbures).*



Tsy mety hanao ny asany ireo mpamily raha tsy mivoaka ny namany. (Tahirin-tsary)

Raikitra ny savorovoro tao amin'ny tobim-panadiovana solika Toamasina. Mpamily kamiao mpitondra solika sy mpiasa tao amin'ity toby ity miisa 11 no voasambotra ny alin'ny alatsinainy lasa teo. Nitokona vokatr'izany ireo mpitatitra solika, ka tsy nety nanao ny asany hatramin'ny omaly. Notakian'izy ireo ny hamoahana tsy misy hataka andro ny namany. Notsindrian' izy ireo koa ny fisian'ny fikasiahan-tanana nataon'ny mpitandro filaminana nandritra ny savorovoro, izay nambara fa fanitsakitsahana ny zo maha olombelona azy ireo. Niditra nanao fanelanelanana ny teo anivon'ny OMH (Office Malgache des Hydrocarbures), ary nisy ny fifampiresahana teo amin'ireo mpamily sy ny orinasa tompon'ilay toby, saingy tsy nivaha ny olana ary mbola voatazona ireo olona hatramin'ny omaly hariva nanoratany ny vaovao. Nilaza ho tsy nahafantatra ny antony nitazonana ireo namany ireto nanao fitokonana ireto, saingy vaovao avy any amin'ny mpitandro filaminana any an-toerana no nahalalana fa resaka halatra no antony nisamborana azy ireo. Andrasana ny ho tohin'ity raharaha ity. Ny mampanahy ny be sy ny maro dia ny fiantraikan'ny fitokonan'ireo mpitatitra solika raha mbola hitohy. Iaraha-mahalala fa miainga ao amin'ity renivohitry ny faritra Atsinanana ity avokoa ny ankamaroan'ny famatsiana solika manerana ny Nosy.

**R. Muray**

Akon'ny COP 28

# Miroso amin'ny fanatanterahana ny asa ny BNGRC



Ireo mpiara-miombona antoka nandray anjara tao anatin'ilay atrikasa. Sary : BNGRC

Nandrafitra ny delegasionona malagasy nandray anjara tamin'ny COP 28, na ilay fivoriambe maneran-tany momba ny fiovaovan'ny toetr'andro tany Dobay ny BNGRC (Bureau de Gestion des Risques et des Catastrophes). Omaly, teny Ivandry, dia nisy ny atrikasa nentina nizarana ny akon'ity fivoriambe ity, andaniny, sy namolavolana ny paikady iasana isan-taona amin'ny fanatanterahana ilay drafitrasa ho an'ny taom-piasana 2024-2027 momba ilay hetsika iraisana amin'ny fametrahana ny rafitra fanairana mialoha ny loza ho an'ny daholobe, na ilay EW4ALL, ankilany. « *Madagasikara dia anisan'ny firenena voalohany manana ny drafitrasa nasionaly, izay novelabelarina tany Dobay. Misy andry efatra lehibe io EW4ALL io, izay mahakasika ny fahafahana miomana sy mamaly amin'ny fandalovan'ny loza. Ny tanjona dia ny mba ho voaro amin'ny loza amin'ny alalan'ny hetsika fanairana mialoha ny olondrehetra.* », hoy ny tale jeneraly lefitra eo anivon'ny BNGRC, Razafimanantsoa Mirana. Kendrena manokana amin'ny fametrahana ity rafitra ity ny fanomezana fahafahana ho an'ireo olona tena marefo amin'ny fahazoam-baovao laharampahamehana mba hiomanan' izy ireo amin'ny fiavian'ny loza sy ny fampihenana ny fiantraikany. Hanampy azy ireo amin'izany ireo karazantondro vokarin'ireo mpisehatra maro samihafa, toy ny sampandraharahan'ny famantarana ny toetr'andro. Miara-miombona antoka amin'ny fametrahana ireo andry efatra ao anatin'ity rafitra ity eto amintsika ny CRM (Croix-Rouge Malagasy) sy ny OCHA, na ny Birao mandrindra ny raharaha maha olona eo anivon'ny Firenena mikambana. Namatsy arabola tamin'ny fanatanterahana ny atrikasa kosa ny Vaomieran'ny Ranomasimbe Indiana sy ny Vondrona Eôrôpeana.

*Hanamafy ny fiomanana mialoha sy ny fampihenana ny fiantraikan'ny loza ny EW4ALL.*

**R. Muray**

## Taratasy ho an-dRamala

### Mampiditra...angano !

Any Ramala,

Asa raha mba maharaka ianao Ramala fa toa mila hisesisesy indray ankehitriny ny fitokonana etsy sy eroa eto amintsika ity. Ny teto an-tanàna izao dia ry zareo mpanadio tanàna mba tsy hilazana hoe "mpanala fako" no nanao izany. Ao amin'ny tanàna iray ao amorontsiraka atsinanana ao koa izao dia mitokona ireo mpiasa manao fitaterana solika. "Vy tsy mikitrana irery" , hoy ireo mpiray tanindrazana amintsika tany aloha. Saingy, tsy hidirana lalina ny hoe mitombina ve Ramala sa tsia ny fitokonana. Na tamin'iry voalohany, na tamin'ity faharoa dia samy nisy mpiasa voasambotra daholo. Ny amin'izay lafiny izay indrindra Ramala no miteraka ahiahy sy mampametra-panontaniana. Misy ifandraisany amin'ny fitokonana ve Ramala ilay fisamborana sa tsia ? Manana ny antony voalaza fa nisamborana ireo mpiasa niharan'izany moa ry zareo manampahefana miandraikitra ny filaminana. Anisan'izany ny filazana fa nanao hadisoana ireo olona nosamborina ireo. Misy mihitsy aza ireo nolazaina fa nanao halatra. Sanatria ve izany ka mampiditra... angano ity mitokona, mitokona ity Ramala? Raha avadika amin'ny fomba hafa sady mahitsihitsy, tsy azo atao intsony ve izany Ramala ny manao fitokonana fa mety hiafara amin'ny fisamborana? Enga anie mba tsy ho izany no izy Ramala fa tena antony hafa tokoa no nitazomana ireo mpiasa sasany ireo, satria lasa miteraka ahiahy ilay izy. Izay aloha no hamaranana ny androany Ramala fa ho hita eo ihany ny amin'ny manaraka.

**Ragasy**

Tohin'ny raharaha SMA

# Nandray antsasa-karama ireo mpiasa

Nivaha amin'ny ampahany ny savorovoro teo anivon'ny orinasa SMA (Société Municipale d'Assainissement). Toarian'ny fitokonan'ireo mpiasa noho ny fahataran'ny karama nanomboka ny zoma lasa teo, dia nivoaka androany ny vola. Antsasa-karama ho an'ny volana febroary anefa no noraisin'izy ireo teny an-toerana. Noraisin'izy ireo ihany ny vola, saingy nilaza ny tsy afa-po ireto farany ka nitaky ny handoavana feno ny karamany. Nahariharin'ireto mpiasa tamin'ny alalan'ny sora-baventy nihantona teo amin'ny vavahadin'ny orinasa teny Nanisana ny fitakian'izy ireo manao hoe « Aloavy feno ny karamanay ! ». Efa niverina namonjy asa tsikelikely ireo mpiasa, saingy mbola nilaza ny hifandinika amin'ity anio ity ny amin'ny fitakiana ny karama feno. Tsiahivina fa efa noresahina teo anivon'ny filankevitry ny minisitra ny famahana olana eo amin'ny lafiny ara-bola eo anivon'ity orinasa ity, izay tsy hahafahany manatanteraka ny asany amin'ny antsakany sy andavany amin'ny fanadiovana ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. Efa tao anatin'ny roa taona no nambaran'ireo mpiasa fa lasa tsy zarizary ny fandoavana ny karama sy ny fanomezana ny tombontsoan' izy ireo. Mbola tsy ampy ihany koa ny solika ampiasaina amin'ireo fiarabe eo am-pelatanan'ny orinasa. Manampy trotraka ny faharisarisan'ny mponina mandoa ny hetra amin'ny fako. Tsy mahagaga araka izany raha mivangongo sy maloto ny tanàna.

**R. Muray**



Ao anatin'ny iray andro sy tapany monja no nambaran'ireo mpiasa hamerenana ny fahadiovana eto Antananarivo rehefa milamina ny toe-draharaha.

## PASI PASI

Ratsimbazafy Andrianandrainarinisa Jean

# Tsy nanery ny zanany hanao judo fa efa tao anatin'ny ràny

*Fianakaviana iray mpanao judo indray no vahinintsika anio.*



**Anatin'ny ràn'ny fianakaviany ity taranja Judo ity.**

Ratsimbazafy Andrianandrainarinisa Jean ( Doda no nahalalan'ny maro azy). 73 taona izy, nanao aikido sy judo tao Toliary tamin'ny andron'ny JCT. Efa tsy mikatroka intsony fa manaraka ny zanany sy zafikely mijery sisa amin'izao. Tamin'ny taona 1969 tao Toliary no nanomboka nanaovany izany, mbola vazaha no nampianatra, Mtre Werner sy Mtre Victor. 5 mianadahy ( 4 vavy ary 1l ahy) ny zanany ka samy nanao judo avokoa izy 4 mianadahy ary efa nandrafitra ny ekipam-pirenena malagasy ny 3 (Hanitra, Zo ary Tiana Ratsimbazafy), i Lalakely kosa dia efa nanao judo tao amin'ny klioban'ny St Michel ary avy eo nanao ny taranja Volleyball. I Nirina kosa dia nanao soradihy tao amin'ny tarika Tsingory. Mbola narahin'ireo zafikeliny izany, izay mandrafitra ny ekipa frantsay amin'ny taranja judo sy ny eto an-toerana. Nitaiza tanora maro ny tenany, ary tsy nanery ireo zanany nanao judo fa tena fitiavana, ary noho izy ireo maro vavy dia io no hitan'ity rainy ity fa fanatanjahantena nety tamin'izy ireo. Mahafinaritra ny miaraka manao fanatanjahatena, indrindra rehefa ny mpianakavy no miaraka. Ankoatra ny judo, ny fialamboly tena tian'izy ireo dia ny miaraka milalao tsipy kanetibe, ary anisan'ny tena ankafiziny ny mitsangantsangana manao randonne miaraka amin'ny fianakaviana. Hafatra natsipiny ho an'ny fianakaviana ny hoe « tsara ny manao fananjahatena, indrindra fa ny miaraka amin'ny fianakaviana, ary mitaiza ny vatana hanana fahasalamana, fampisehoana ireo zanaka sy zafy fa tsara ny fanatanjahatena ary mampiray hina ny fianakaviana. Manentana antsika rehetra hanao fanatanjahatena sy hampianatra ireo zanantsika hanao izany fa mahasoa ny sports ary mahatafita rehefa miaraka amin'ny fianarana ».

**Rabenaivo**




Nathalie Iharantsoa

# Ny fitiavana ny lomano no nandrisika azy hiditra ho mpikambana anatin'ny ligin'Analamanga

Tsy diso safidy ny LRNA ! Izay no azo ilazana ny fangatahana an-dRamatoa Nathalie Iharantsoa ho mpikambana eo anivon'ny ligin'Analamanga ho an'ny taranja lomano. Efa mpiaramiasa hatramin'ny ela izy sy ny filohan'ny LRNA. Ity farany no nangataka an'i Nathalie hiara-kiasa aminy, eo amin'ny lafin'ny fitantanana sy fitadiavana mpiaramiombona antoka ara-bola anatin'ny ligy. Mpanao spaoro(lomano sy fitness) rahateo Ramatoa Nathalie Iharantsoa, ka nekeny tsy nisy fepetra izany. Ny fitiavana manokana ny taranja lomano, izay misy ny « discipline » hentitra, no tena nahasarika azy hiditra anatin' ny ligy, moa ny zanany koa mpilomano. Ankoatra ny lomano, manana andraikitra hafa izy, satria vehivavy mpandraharaha. Filoha mpanorina sy mitantana ny orinasa fanondranana hazandrano malagasy eo amin'ny sehatra iraisampirenenana « Aquafood », sady mpiandraikitra arabarotra sy seraseran' ny « groupe vido t » ihany koa. Mitantana ny orinasa Mauterra izay manao fanorenana. Na eo aza izany sehatra maro sahaniny izany, nanambara Ramatoa Nathalie Iharantsoa fa efa



**Manana traikefa eo amin'ny fitantanana sy fitadiavana mpiara-miombon antoka ara-bola i Nathalie Iharantsoa.**

mipetraka sy tomombana ny asa andavanandro, izay efa nosahaniny nandritra ny 10 taona izay. Ho an'ny ligy indray dia napetraka amiko ny andraikitra hitantana ny kitapom-bolan'ny ligy, izay manana vokatra niiba nandritra ny 3 taona izay. Tsy nahazo fanampiana avy amin'ny federasiona rahateo ny LRNA nandritra izany. Iarahan'ny birao manapaka kosa ny fandaniana rehetra sy ny fanapahan-kevitra amin'ny fampiasana vola eo anivon'ny ligy. Ny tanjona ao anatin'izao dia mba ho fandraisana anjara ho fampandrosoana ny lafiny maha olona eo anivon'ny fiarahamonina amin'ny alalan'ny fanatanjahantena. Nambaran-dRamatoa mpitambola fa ny fampandrosoana ny ligin'Analamanga aloha no tena ifotoran'izy ireo. Mbola maro ny asa miandry. *« Maro ny fomba ahafahana mandray anjara amin'ny fanpandrosoana ny tanora eto Madagasikara »*, raha ny hafatra napetrany. *« Anisan'izany ny fanatanjahantena izay mikolo ny maha olona rehetra. Efa manao izay azonay atao izahay mba hisokafan'ny fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miombona antoka, hahafahana mahazo famatsiambola. Mankahery anareo ary mampirisika anareo zandry zanaka kosa mba hitondra avo hatrany ny lentan'ny lomano eto Madagasikara, indrindra fa ny eto Analamanga, izay faritra iadidinay ».*

**Rabenaivo**

Sekolin'ny Basket ANS

# Mba ho afaka hifaninana amin'ireo klioba lehibe no tanjony

Efa ela no nisy « école de sport » teo anivon'ny Akademia Nasionalin'ny Fanatanjahantena, fa tamin' ity taom-pitaizana ity no nisy ny fiaraha-miasany tamin'ny sekoly La pie, ny amin'ny hampiakarana ny haavo teknika sy ny maha-izy azy ny taranja basketball. Nambaran-dRamatoa Rakotoson Nivo, filohan'ny klioba La Pie Basket-ball, fa tsy nisalasala izy ireo namaly ny antso ho fiaraha-miasa, satria dia anatin'ny fanabeazana sy fitaizana ny ankizy ny fanatanjahantena, indrindra fa ny Basketball. Voalohany indrindra dia nentanina ny ankizy tato amin'ny sekoly hiditra sy hanao basket. Na izany aza dia nosokafana amin'ny any ivelany ny sekolin'ny basketball ANS. Manentana sy miantso ary manainga ireo ray amandreny manan-janaka hampi-



**Ny alarobia sy asabotsy no mikotrana etsy amin'ny ANS Ampefiloha ny sekoly.**

ditra ny zanany ao amin'ny sekolin'ny basketball ANS, fa misokatra ho an'ny rehetra ny sekoly, ka ankizy manomboka amin'ny 5 taona dia efa raisiny. *« Ny fototry ny basket mihitsy no ampianarina ao amin'ity sekolin'ny ANS ity, ka izay no nahatonga anay hiantso an'i Deda mpanazatra nasionaly hiandraikitra ny fampianarana »*, hoy hatrany Ramatoa Nivo. *« Tsara raha olona manana traikefa no mizara traikefa aty amin'ny fiantombohany. Hampiakatra avo ny « école de basket » eto amin'ny ANS no tena tanjona »*, hoy hatrany ity tomponandraikitry ny sekoly ity. *« Faniriana ny mba hanana ny maha izy azy any aoriana ny ankizy mivoaka ao amin'ny sekoly, na mba hahavelona sy hampisongadina azy any amin'ny sehatra alehany ».* **Rabenaivo**

Kitra - " Fenêtre FIFA "

# "Expats" 11 mirahalahy no efa tonga eto an-tanindrazana

*Manaitra sy mitaona ny sain'ny vahoaka malagasy ny mpanazatra "Rôrô", hanohana sy hitrotro am-bavaka ny mpilalaontsika.*




**Apetraka amin'Andriamanitra foana ny ho avin'ny Barea de Madagascar.**

Amin'ireo mpilalao matihanina *" Expats " 22*, mila ravinahitra any Eraopa sy avy atsy amin'ny nosy La Réunion, dia efa tonga eto an-tanindrazana ny 11 mirahalahy, nantsoina hanatevindaharana ny Barea de Madagascar ( FIFA : 109 ème), hiatrika ny lalao ara-pirahalahiana sady fanomanana amin'ny lalao fifanintsanana "Mondial 2026". Tafiditra ao anatin'ny fandaharampotoanan'ny *" Fenêtre FIFA "* ny fifaninanana, izay hotanterahina amin'ny farany sy ny fiandohan'ny herinandro ho avy iny, eny amin'ny kianjaben'i Mahamasina. Ireo mpilalao 54 mirahalahy milalao atsy amin'ny nosy La Réunion kosa, dia i Toky Nantenaina Olivier Randriatsiferana " Tsiry Kely " ( Lohalaharana / St Paul / REU ) - Rajo Nirina Razafindrabearimianta "Berajo" ( Vodilaharana / St Denis FC / REU ) - Ando "Pro" Nampoina Manoelantsoa ( Irakiraka / JS St Pierre / REU) - Rakotoarisoa Jean Romario Baggio ( Irakiraka / Jeanne d'Arc / REU) - Tokifandresena Rojolalaina Andriamanjato ''Rojobe'' ( Irakiraka / ST Paul / REU), dia tonga alohan'ireo rahalahiny avy any Belzika sy Frantsa, ahitana an'i Clément Couturier ( Irakiraka / Swift Hesperange / BEL) – Kenji Van Boto (Vodilaharana / Pau FC / FRA)– Teva Gardies (Goal Keeper / Paris FC / FRA) – Sonny Laiton (Goal Keeper / AJ Auxerre) – Robin Busset ( Vodilaharana / Stade Nyonnais) – Rayan Ny Aina Arnaldo Raveloson ( Irakiraka / AJ Auxerre / FRA / Kapitenin'ny Barea de Madagascar ). Voalaza fa mety mbola hisy mpialao avy any ivelany ho tonga, hiaro ny voninahi-pirenena. Misy kosa anefa nandefa fialntsiny fa tsy hiatrika ny " Fenêtra FIFA ". Ireo mpilalao 11 mirahalahy avy eto Madagasikara kosa moa dia efa niatrika ny fampivondronana, taorian'ny niatrehany ny andro faha-5 tamin'ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny *" Pureplay Foot League 2023 / 2024 (ex-OPL) "*.

**Tompony mangataka atiny !**

Etsy andanin'izany dia tsara ampahatsiahivina ihany koa ny mombamomba an'ireo mpilalao valala mpiandry fasana : - Zakanirina Rakotoasimbola (Goal Keeper / Elgeco Plus / Analamanga) – Rado Niaina Rabemananjara (Vodilaharana / AS Fanalamanga / Alaotra Mangoro – Tantely Antoine Randrianiaina ( Vodilaharana / Disciples Fc / Vakinankaratra) – Andrianiaina Aurélien Amourson ( Vodilaharana / Fosa Junio / Boeny) – Tantely Avotriniaina Rabarijaona "Dadafara" (Vodilaharana / Cffa / Analamanga) – Elysée Tony Randriamanampisoa ( Vodilaharana / Elgeco Plus / Analamanga) – Tiavina Pierre Mickaël Rakotoarisoa ( Irakiraka / Fosa Junior / Boeny) – Andy Nantenaina Rakotondrajoa ( Irakiraka / Disciples FC / Vakinankaratra ) – Lalaina Rafanomezantsoa ( Irakiraka / Cffa / Analamanga ). Efa niatrika ny fanazarantena voalohany teny amin'ny kianjan'Alarobia ny Barea de Madagascar. Omaly, kosa indray dia teo amin'ny kianja syntetika fanampiny "Annexe" no nanao fanazarantena, fa tsy teo amin'ny kianja bozaka "hybride" Mahamasina, ka somary nahavariana ny mpankafy kitra ihany. Fantatra fa hoe rahampitso (Alakamisy 21/03/2024) vao hanitsaka, hitsapa ny kianjaben'i Mahamasina ny mpilalaontsika. Iray andro alohan'ny fihaonana amin'ny ekipam-pirenen'i Burundi.

**Miantso fanohanana i Rôrô**

Manoloana ny adidy Masina miandry ny Barea de Madagascar, dia manaitra sy mitaona ny sain'ny vahoaka malagasy tsy vakivolo ny mpanazatra Félix Romuald Rakotondrabe "Rôrô", ho tonga maro hanohana sy hitrotro am-bavaka ny mpilalaontsika, hahavita sy hahatontosa ny andraikitra makadiry apetraka aminy. Ankoatra an'izany dia tokony havalona ny tsikera mivaivay sy fanaratsiana ny mpilalao sasany, izay misy miendrika fankahalana mihitsy any anatin'ny fitaovan-tserasera "facebook". Manginy ny fitsabatsabahana sy fidirana mivantana amin'ny asa sy ny andraikitry ny mpanazatra sy ny teknisianina miara-miasa aminy, mamolavola ny tetikady rehetra entina manohitra sy mandresy ny mpifanandrina amintsika (Rwanda : Faha 135 ème / "Les Guêpes (Fangaraka)" ; Burundi : 145 ème / " Les Hirondelles (Sidisidina)" ; Botswana : 152 ème / "Les Zèbres (Ramole)), izay efa migadona eto an-drenivohitra koa ny sasany ary niatrika fanazarantena avy hatrany teny amin'ny kianja syntetika. Mpilalao malagasy an'alina maro no manana kara-pilalaovana federaly fa ireo aloha no masaka azo aroso. Eo am-pandrasana mahita ny atiny ry B12 â !

**aris rafaly**




**Tonga soa koa ny vahiny !**

Volley - TGV /REU

# Tsy ampy kotrana ny mpilalao malagasy, hoy i Ghislain Rivoharilala " Lalabe "

Raha nampitahain'i Ghislain Rivoharilala « Lalabe » tamin'ny mpilalao fahiny ny mpanao volley-ball malagasy amin'izao fotoana izao, dia tsy nisalasala mihitsy izy nitsikera sy nanakiana fa malemy tsy ampy kotrana ka mora marary lohalika, na dia mbola ao anatin'ny taonan'ny fahatanorany tokoa aza. Nampahatsiahiviny fa ny mpilalao volley-ball taloha, na teo amin'ny lehilahy na ny vehivavy, dia matanjaka ara-batana. Tamin'ny fotoan'andro nilalaovany teto Madagasikara dia tsy miandry andro fanaovana fanazarantena vao manetsika vatana. Nanteriny fa feno mpilalao amin'ny karazan-taranja ara-panatanjahantena, mikotrana eny amin'ny « gradin »-n'i Mahasamina, ary mifankahala tsara, hoy hatrany izy. Toraka izany koa ny eny amin'ny tohatohabaton'Ambondrona sy Ambohijatovo (Taveau) ary Antaninarenina, izay tena « mampibokona » tokoa raha mazoto mikotrana ny mpilalao / atleta. Nohazavainy kosa anefa fa manantombo amin'ny efitrano fikotranana (salle de musculation) ny mpilalao ankehittiny ka tsy tokony hanao ambanain-javatra amin'ny fidirana amin'izy ireny. Mikasika ny fanomanan'ny ekipany « Tampon Gecko Volley-ball » an'iny andiany faha-28 tamin'ny fiadiana ny tompondakan'ny Oseanina Indianina 2024 teto amintsika iny, dia nanteriny fa tsy nataon-drizareo ambanin-javatra mihitsy ny kotrana arabatana. Ho an'ny fianakavian'i Lalabe dia fitaizan-tena mahalava velona ny fanaovana fanatanjahantena. Mananika ny faha-47 taona ny lehilahy fa sahirana mihitsy ny mpilalaon'ny zandariamariam-pirenea, nanohana ny baolina tamin'ny kapoka mandrivorivo nataony. Efa manaraka ny dian-drainy koa i Heritina Rivoharilala zanany, 17 taona, izay manome toky fa hiaro ny voninahi-pirenena malagasy raha antsoina amin'ny lalao iraisampirenena handraisantsika anjara.

**aris rafaly**




**Efa tsy azo tsinontsinoavina ny zaza mpandimbiny !**

## LALAO AFRIKANINA 2024

***FIBA 3x3*** .- Samy niakatra kianja avokoa, omaly, ny mpilalaon'ny Ankoay zazalahy sy zazavavy latsaky ny 23 taona, ka nahazoam-bokatra tamin'ny lalao fihodinana voalohany nataony. Araka izany dia nahazo fandresena anankiroa ny ekipa zazalahy, nahitana an'i Marco Rakotovao sy Aziz Ibrahim Ahamada Raharisoa ary Hasina Rasolonandrianina sy Kanto Damie Arimanana , izay nandavo ny ekipampirenen'i Mali (12/09) sy Ghana tompon-trano (16/12). Lavon'ny mpifanandrina taminy indroa kosa ry Stéphanie Maya Nirinaharisoa sy Karen Razafimahefa ary Kolina Rakotonirina sy Marion Rasolofoson, raha nifanadrina tamin'i Côte d'Ivoire (10/09) sy Ghana (21/12).
***Atletisma – 100 m.*** – Hatramin'ny nanoratana ny lahatsoratra dia mbola tsy tonga teo am-pelatanana ny voka-dalao tamin'ny lalao famaranan'ny hazakazaka 100 metatra zazavavy, izay nandraisan'i Claudine Njarasoa Nomenjanahary anjara, tany amin'ny kianjan'ny oniversiten'i Ghana.

**a.r**

## Sarisary zary tenany

**Gitara sy kapô**




## Hatsikana an-tsary

**Ravaka**




## Masoandro miposaka

**Jaona 3 : 16**


Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Ny mangataka am-bava leo ihany, fa ny mangatamaso no tsy tanty.**

Demander en paroles n'est pas terrible, mais mendier (approbation ou compliments) du regard (et ne rient obtenir !) est insupportable.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3201**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | 3 | | | | 9 |
| | | 6 | 4 | | 9 | 7 | | |
| 8 | 2 | | | | | | 3 | 1 |
| | | | 5 | 8 | 6 | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | 9 | 7 | 3 | | | |
| 2 | 6 | | | | | | 8 | 4 |
| | | 3 | 6 | | 7 | 9 | | |
| 5 | | | | 2 | | | | 6 |

Valin'ny laharana **3200**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 1 | 7 | 5 | 6 | 2 | 8 | 3 | 4 |
| 5 | 2 | 3 | 4 | 9 | 8 | 1 | 7 | 6 |
| 4 | 6 | 8 | 3 | 1 | 7 | 2 | 5 | 9 |
| 6 | 5 | 4 | 8 | 7 | 9 | 3 | 2 | 1 |
| 8 | 7 | 9 | 2 | 3 | 1 | 4 | 6 | 5 |
| 2 | 3 | 1 | 6 | 5 | 4 | 7 | 9 | 8 |
| 3 | 9 | 2 | 1 | 4 | 6 | 5 | 8 | 7 |
| 1 | 8 | 6 | 7 | 2 | 5 | 9 | 4 | 3 |
| 7 | 4 | 5 | 9 | 8 | 3 | 6 | 1 | 2 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsotra sady mora ny mamorona fiteny amin'ny endrika milanto. Tsotra toy izany koa ny mividy sy mahazo zavatra iray izay kanto. Fa raha azonao an-tsaina fa sarotra sy mafy vao mahita namana tsara, satria tsy misy tandroka ny ratsy, dia fitandremana no tokony hatao, indrindra raha hitady namana tsara sy tena azo antoka."

Ny Vetso (13.10.16)

("Les belles phrases sont faciles à dire, les belle choses, faciles à acheter, mais les belles personnes difficiles à trouver")

" Infirmier "

# Miandraikitra ny 70 isanjaton'ny CSB eto amintsika



**Ny ankamaroan'ny CSB eto amintsika tantanin'ny " infirmier " sy " Paramedicaux ". (tahirin-tsary)**

Mitana andraikitra goavana eny anivon'ny tobim-pahasalamana, indrindra ny CSB, ny « paramedicaux ». Voalaza fa ny 70 isanjaton'ny CSB II miparitaka manerana ny Nosy dia « infirmier » daholo no mitantana azy. Eny anivon'ny hopitaly kosa indray, raha tsy misy ireo « infirmier » ireo tsy misy mandeha amin'ny laoniny ny fitsaboana. Izany indrindra no tokony tsy hanaovana tsinontsinona azy ireo. Araka ny fitarainan'ny « infirmier » iray taminay anefa dia maro ny olana sedrain'izy ireo amin'ny fanatanterahana ny asany. Anisan'izany ny tsindry ataon'ireo tomponandraikitra eny ifotony sy ireo mpanao politika. Ny ankamaroan'izy ireo ihany koa miasa irery, indrindra fa any ambanivohitra lavitra any, kanefa ny asa mafy ary misy fotoana aza voatery mandeha an-tongotra lavitra amin'ny fanatanterahana ny asa. Tsy mitovy ihany koa ny karama raisin'ireo « infirmier » ireo na mitovy izao ihany aza ny diplaoma. Lasa tsy mampazoto azy hanao ny asany araka ny tokony ho izy anefa izany satria misy hopitaly manome karama ambany. Santionany amin'ireo kazaran'olana atrehina isan'andro izany fa mbola maro tsy voatanisa. Mila mampiseho firaisankina izy rehetra ireo raha tiana ny hanova ny toe-javamisy. Eo ihany koa ny fifampizarana mikasika ny fikambanana izay tokony hampiroboroboina hatrany mba hananany ny tena toerany. Izany indrindra no antom-pisian'ny hetsika fifampiarahabana nahatratra ny taona 2024 karakarain'ny fikambanana nasionalin'ireo « infirmier » eto Madagasikara, izay atao eny amin'ny Espace Tanana Maitso Ambatofotsy Antananarivo ny 22 martsa 2024 izao. Maimaimpoana ny fidirana ary hisy ny nofon-kena mitam-pihavanana hozaraina mandritra io fotoana io.

**Nath**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJOANAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 596 - 03 - 24

Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Banane choco-coco

Zavatra ilaina: akondro lehibe, chocolat 150g, crème liquide 15cl, côcô voakiky 80g. Fikarakarana azy: Empoina anaty kaseroly ny sôkôla, arotsaka ny crème liquide dia haroharoina hifangaro. Voasana ny akondro dia zaraina roa manaraka ny lavany. Atao anaty lovia handrosoana azy avy hatrany, izay somary jobo dia araraka eo amboniny ny sokola mafana natsonika. Fafazana ireo côcô efa nokikisana indray avy eo dia azo aroso avy hatrany. Azo atao tsindrintsakafo tsara.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**16 mars au 22 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

Trafikana zava-mahadomelina

# Tsy ampy antontan'isa isika

Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny trano iombonan'ny Firenena Mikambana, Andraharo, omaly 19 martsa 2024 ny tatitry ny ny Fikambanana Iraisam-pirenena Mifehy ny Zava-mahadomelina na ny OICS (Organe International de Contrôle des Stupéfiants) taona 2023. Isan'ireo firenena nanao sonia fifanarahana iraisam-pirenena amin' ny ady amin'ny zava-mahadomelina i madagasikara. Nivohitra nandritra ny famelabelarana nentin-dRtoa Larissa Razanadimby, Filoha lefitry ny komity maharitra momba ny tombana ao amin' ny OICS, fa tsy ampy ny « donnée » anton-kevitra mazava mikasika famokarana, fanjifana, fivarotana zava-mahadomelina aty afrika, ao anatin'izany i madagasikara, raha miohatra amin' ny firenen-kafa nanaovana fanadihadiana. Ny fananana antontan'isa sy antontankevitra mazava anefa no isan' ny ahafahana manampy amin'ny fiadiana amin'ity zava-mahadomelina ity. Araka ny tatitra hatrany dia efa nisy fanagiazana nitranga teto amintsika tamin'ny taona 2022 saingy tsy nisy antontan' isa mazava mamaritra izany.

**Loza manambana**

Mbola mijanona ho loza manambana ny fisian'ny zava-maha-domelina ilaina amin'ny fitsaboana aty Afrika. Manamafy ny maha zava-dehibe ny fanarahamaso iraisam-pirenena sy ny fampiasana ireo akora ireo amin'ny tanjona ara-pitsaboana ny OICS. Notsiahivin-dRtoa Larissa Zanadimby, fa efa namita iraka taty madagasikara ny OICS tamin'ny 2019, ary efa nandroso tormarika maromaro ho an'ny governemanta tamin' izany. Mahaleotena ny firenena amin'ny fanapahankevitra raisiny. Araka izany dia mbola manentana ny governemanta handefa izay « donnée » ahafahana manao ny tatitra izay ny OICS ary miantso ny governemanta hanome antontanisa mikasika fanafarana sy fanondranana fanafody hampiasàna zava-mahadomelina eto madagasikara. Tokony amafisina ihany koa ny fanaraha-maso eny amin'reo orinasa afak'haba, « zone franche ».



**Nandritra ny fanokafana ofisialy ny tatitry ny (OICS) 2023, tetsy Andraharo omaly. (Sary :Yvon Ram)**

**Fivarotana anaty internety**

Raha ny maneran-tany dia ny internet no ampiasain'ny mpanao trafikana zava-mahadomelina. Ny OICS dia nametraka fitaovana ahafahana mametraka ny resaka fahazoan-dalana sy fanaraha-maso ary fampahafantarana ireo fifanarahana iraisam-pirenena mikasika izany ka ao anatin'ny tanjona ny hanombohana ny tatitra avy eto madagasikara mba ahafahana mahafantatra bebe kokoa ny toerana misy antsika manoloana ny zava-mahadomelina, hoy hatrany Rtoa Larissa Zanadimby. Araka izany dia miantso ny Governemanta hampiasa ireo fitaovana sy fandaharana entiny miady amin'ny fanondranana zava-mahadomelina amin' ny alalan'ny Internety ny OICS.

**Niry R.**

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

# Teny rehetra teny



Na avy ny orana na tsy avy dia tahaka izao hatrany no iainan'ny mponina sy ny mpandalo eny Andravoahangy eny.



Voatery miaina amin'ny zava-misy ny vahoaka ao anatin'izany.




Nomarihina teo anoloan'ny Lapan'ny Tanànan 'Analakely omaly ny andro iraisam-pirenena ho an'ny mpiasa sosialy.



Nandritra izany ihany koa no nankalazana ny faha-20 taonan'ny " Formation Professionnalisante en Travail Social et Développement " na (FPTSD).




Nanatrika ny fanakatonana ny fivoriana lehibe nataon'ny tompon'andraikitra ambony eo anivon'ny Tafika Malagasy teny amin'ny CEMES Soanierana ny PM Ntsay Christian ny alatsinainy teo.




Nanamafy ny Praiminisitra nandritra izany fa ilaina dia ilaina ny manatsara ny vokatra mba tena hanjaka tokoa ny fandriam-pahalemana.

(Soratra : Mamy R. )




Orange dia manohana ireo vehivavy malagasy amin'ny alalan'ireo maison digitale 40 manerana ny Nosy. Tetik'asa izay manamora ny firosoan'izy ireo ho amin'ny fahaleovan-tena ara-bola.

GCL 775/15-8

orange™